

Vitao Aloha Izay Tokony Hatao vao Miala Voly E!


Nahoana no tsara aloha ny manao an'izay tokony hatao vao miala voly? Hanampy anao hahita ny valin'izany ity fampiasana ity.




FIALAM-BOLY



ZAVATRA TOKONY HATAO




Oharina amin'ny fasika ny fialam-boly ataonao, ary amin'ny vato ny zavatra tokony hataonao.



Lesona

Raha ny vatobe aloha no ataonao ao anaty siô vao ny fasika, dia ho antonona ao daholo izy rehetra. Fa raha ny fasika kosa no ararakao voalohany, dia tsy ho tafiditra ao daholo ireo vatobe.



Inona no ataonao voalohany?

Jereo ny sary ary asio marika eo amin'ilay hoe A na B, arakaraka izay fanaonao.



A



Ny "fasika" no alefako aloha.



B



Ny "vato" no alefako aloha.

Izao atao:



Soraty eto izay zavatra tokony hataonao isan-kerinandro.

Soraty eto ny karazana fialam-boly tena tianao, anisan'izany ny spaoro ataonao na jerenao amin'ny tele.



Atambaro ireo lisitra roa ireo, ka alaharo arakaraka izay zava-dehibe aminao. Mariho avy eo raha “fasika” ilay izy na “vato.”



| | | | |
|----|-------|---|---|
| | |  |  |
| 1 | _____ | <input type="checkbox"/> | <input type="checkbox"/> |
| 2 | _____ | <input type="checkbox"/> | <input type="checkbox"/> |
| 3 | _____ | <input type="checkbox"/> | <input type="checkbox"/> |
| 4 | _____ | <input type="checkbox"/> | <input type="checkbox"/> |
| 5 | _____ | <input type="checkbox"/> | <input type="checkbox"/> |
| 6 | _____ | <input type="checkbox"/> | <input type="checkbox"/> |
| 7 | _____ | <input type="checkbox"/> | <input type="checkbox"/> |
| 8 | _____ | <input type="checkbox"/> | <input type="checkbox"/> |
| 9 | _____ | <input type="checkbox"/> | <input type="checkbox"/> |
| 10 | _____ | <input type="checkbox"/> | <input type="checkbox"/> |



Ny fialam-boly ve no lasa alohan'ireo zavatra tokony hataonao? Mety hila hanao fanovana ianao raha izany. Ho afaka hiala voly ianao amin'izay sady hahavita an'izay zavatra tokony hataonao.

Raha izay tokony hataonao no vitainao aloha, dia ho afaka hamita an'ireo zavatra tena lehibe ianao sady mbola hanam-potoana hialana voly.

‘Fantaro tsara izay zava-dehibe kokoa.’—Filipianina 1:10.